S^ce PV
V
PV n° 52
(ouverture 2e session)
&
S.6

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2025

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-52

## LANONAM-PANOKAFANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2025

Fivoriana Voalohany
Natao ny
Talata 21 Oktobra 2025
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA :** Andriamatoa RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry

**MPITANTSORATRA :** Andriamatoa isany : - RAKOTORAHALAHY Modeste
- MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa

**FOTOANA :** Talata 21 Oktobra 2025 tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA :** Lanonam-panokafana amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2025.

Fanamarihana: Firedonana ny Hiram-pirenena no nanombohana ny lanonam-panokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2025.

Rehefa izany, niredona ny hira fanevan'ny Andrimpanjakana indray ny Antoko mpihiran'ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny mpivory.

**- 1 -**
**- Fitohizan'ny fivoriana -**

- Lakolosy -

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy;
Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2025 izao.

Mialohan'izany anefa, hofaranantsika ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana natao nanomboka tamin'ny Alatsinainy 13 Oktobra 2025 lasa teo.

Manolotra fisaorana sy fankatelemana ny Solombavambahoaka tonga marobe nanatontosa ny adidy aman'andraikitra ka nahatonga izao fiovàna lehibe eto amin'ny firenena izao, anisan'izany ny fitantanana ny Antenimierampirenena.

Ambarako fa mifarana hatreo ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena.

- Lakolosy -

Izao dia mangataka iray minitra fahanginana ho fanajana ireo namoy ny ainy tamin'ny tolom-bahoaka farany teo sy ny nandaozan'Itompokolahy RABENIRINA Jean Jacques antsika, izay Solombavambahoaka voafidy tao Betioky Atsimo, nodimandry tamin'ny volana Septambra 2025 teo.

- Iray minitra fahanginana -

**Andriamatoa FILOHA**
Misaotra, Tompoko.

Hiditra amin'ny votoatin-draharaha isika izao; koa iangaviana ny Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Iangaviana ny Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

**- 2 -**
**- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -**

**Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa**
Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Misaotra, Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**
Isaorantsika ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny andininy faha-75 tao amin'ny Lalàmpanorenana izay.

Hiroso amin'ny kabary fanokafana ny lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, amin'ity taona 2025 ity isika amin'izao fotoana izao.

**- 3 -**

**- Kabary nataon'Andriamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Andriamatoa FILOHA**
Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta;
Andriamatoa Filohan'ny Antenimierandoholona Mpisolotoerana;
Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;
Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka namana hajaina;
Ramatoa Filohan'ny Fitsarana Avo ;
Andriamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana ;
Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;
Andriamatoa Sekretera Mpanatanteraka eo anivon'ny Filankevitry ny Komitin'ny Fampihavanam-pirenena;
Ianareo Sekretera Jeneraly rehetra manatrika etoana;
Ianareo mpiara-miasa rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena;
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny hainovakijiery;
Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila araka ny laharam-boninahitra misy anareo tsirairay avy izay manatrika eto;
Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonana fanokafana ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena izao.

Misaotra manokana anareo vahiny manan-kaja manome voninahitra ny Antenimierampirenena. Toa izany koa isika Solombavambahoaka rehetra tonga maro.
Akory aby ro lahy.

Eto am-piandohana, ny Antenimierampirenena sy ny Solombavambahoaka iray manontolo dia miarahaba manokana ny Filohan'ny Fanarenana ny Repoblikan'i Madagasikara sady Filoham-panjakana nahavita ny fianianany.
Miarahaba koa ny Praiminisitra izay voatendry hitarika sy hitantana ny Governemanta.
Mirary anareo mba hahavita ireo adidy lehibe izay andrasan'ny vahoaka aminareo. Hahita sy hanatanteraka izay tena hahasoa ny vahoaka sy hampandroso ny firenena Malagasy tokoa, ka tsy handiso fanantenana ny mpiray tanindrazana. Andriamanitra anie homba anareo amin'izany.

Misaotra anareo Solombavambahoaka rehetra nanome ny fitokisana ahy hitondra ity Andrimpanjakana mpanao lalàna ity. Mankasitraka sy misaotra indrindra ry rahalahy sy anabavy isany. Manome toky anareo aho fa tsy handraraka ilo mby an-doha ary hanandratra avo ny hasin'ity Antenimierampirenena ity.
Tsy hahavita irery ny asa sy adidy aman'andraikitra eto anefa aho, fa mila fanampiana avy aminareo. Koa manantena ny tolo-tànana avy amin'ny Solombavambahoaka sy ny mpiara-miasa rehetra eto amin'ny Antenimierampirenena.

Nandalo fotoan-tsarotra ny firenena nandritra ny hetsika nataon'ny vahoaka izay notarihan'ny tanora Malagasy ho fitakiana ny fanarenana ny Firenena.

Miarahaba ny vahoaka Malagasy misitraka izao rivo-baovao mitsoka eto amin'ny firenena izao. Misaotra ireo izay nandray anjara rehetra ka nahatongavana amin'izao dingana lehibe ho fanarenana sy fanavaozana ny firenena izao.

Miondrika am-panajana manoloana ireo izay namoy ny ainy ary manantitra ny fankaherezana ny fianakavian'izy ireny. Mirary fahasitranana haingana ho an'ny mbola manohy fitsaboana ary mankahery hatrany ihany koa an'ireo rava fananana.

Tompokolahy sy Tompokovavy;
Miavaka ny fivorian'ny Antenimierampirenena izay atao manomboka androany.
Ity no fivoriana voalohany taorian'ny hetsika nataon'ny vahoaka ho fitakiana ireo zo fototra sy ny fanarenana ary ny fanavaozana an'i Madagasikara. Noho izany, manomboka izao dia handray andraikitra sy ny fepetra rehetra ny Antenimierampirenena hanatanterahana ny tena fanarenana ny Repoblikan'i Madagasikara.

Araka ny Lalàmpanorenana, fahefan'ny mpanao lalàna dia ny Antenimierampirenena izany no manara-maso ny asan'ny Mpanatanteraka. Noho izany, miantso antsika Solombavambahoaka rehetra handray ny andraikitra tandrify azy mba ho fanatanterahana izay voalazan'ny Lalàmpanorenana:

- Handray andraikitra isika mba ho lalàna tena hamaly ny hetahetan'ny vahoaka sy ho tombotsoan'ny maro an'isa no holaniana.

- Handray andraikitra isika mba ho tetibola tena mifanaraka amin'ny laharam-pahamehana sy ny fitakiana nataon'ny vahoaka no holaniana.

- Handray andraikitra isika mba tena hipetraka ny fahefan'ny Solombavambahoaka amin'ny fanaraha-maso ny asan'ny Mpanatanteraka, toy ny:
  - Fampiantsoana ny Governemanta hametrahana fanontaniana ambava na an-tsoratra ary hanaovana fanadihadiana hentitra (interpellation).

  - Ny tsy maintsy anaovan'ny Praiminisitra tatitra ny asan'ny Governemanta eto anoloan'ny Antenimierampirenena.

- Hapetraka amin'ny toerana tokony hisy azy sy homena zo araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ny fanoherana eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Mitohy ny tolona; tsy tokony hiala maina ireo nambotry ity firenena ity na manam-pahefana na olom-boafidy na mpandraharaha na sivily na miaramila ary atao ao anatin'ny fanajana lalàna izany.

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Ny asa miandry ny Antenimierampirenena mandritra ity fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa ity dia hifantoka manokana amin'ny fandaniana ny Lalàna hifehezana ny Tetibolam-panjakana, taona 2026 (LFI 2026), araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-75 tapany faharoa.

Miantso ny Governemanta mba ho tetibola ahitana taratra ny politika fitsitsiana ary hamaly ny tena hetahetan'ny vahoaka no haroso eto. Miantso ihany koa ny Governemanta mba ho tonga ara-potoana eto anivon'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibola, taona 2026 mba hahafahana mandinika azy araka ny tokony ho izy. Koa eto dia manentana sahady antsika Solombavambahoaka mba havitrika.

Manana adidy sy andraikitra isika araka ny fahefana nomen'ny Lalàmpanorenana antsika hamahana izao olana izao.

**- 4 -**

**- Fiatoan'ny fivoriana -**

**Andriamatoa FILOHA**
Tompokolahy sy Tompokovavy,
Etỳ am-pamaranana dia mamerina hatrany ny fisaorana sy fankasitrahana antsika rehetra vory maro manotrona izao lanonana izao.
Henin-kaja, henim-boninahitra ity Andrimpanjakana ity noho izany, ka irariana hahefa be amin'ny adidy sy andraikitra izay hiantsorohana eto isika.

Ho fanajana ny andininy faha-204 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2025.

Ny fandaharam-potoana manaraka dia mbola hampahafantarina antsika miandalana eny ihany.

Miato hatreo ny fivoriantsika.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry**